Loza ho any amin'ny afobe izay tsy nanasa ny voditongony ary ataovy tsara ny Ozò

Tatitra azo avy tamin'i Abdollah bin A'mro (R.A) niteny manao hoe : Niverina niaraka tamin'ny Irak'Allah (S.A.W) izahay avy any Makkat ho any Madina, rehefa teny an-dàlana izay nahita rano ka nisy andian'olona nihazakazaka hanao soalat Asri, ka nanao ozò izy ireo tao anatin'ny fahamekana, ka tazanay izy ireo fa tsy lenandrano ny voditongotr'izy ireo, dia niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Loza ho any amin'ny afobe izay tsy nanasa ny voditongony ary ataovy tsara ny Ozò".

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nandeha avy tany Makkat ho any Madina ny Mpaminany (S.A.W) sy ireo mpanaradiany, ary teny an-dàlana dia nahita rano ny sasany izy ireo, ka nihazakazaka ireo mpanaradiany hanao ozò an'ny soalat Asr ka vokatry ny fahamaihana loatra dia nisy nahatazana fa tsy voasasa ny voditongotr'izy ireo, dia hoy ny Mpaminany (S.A.W) : Sazy sy fandringanana any amin'ny afo ho an'izay manao tsirambina ny fanasana ny lamosin'ny tongony rehefa manao Ouzò, ary nandidy azy ireo mba hameno sy hendena tsara rehefa manao ouzò.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/66392